

DEREK PRINCE MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Tsy Andiana Fitsipika

Amin'ny alalan'ny ran'i Jesosy, nohamasinina aho, natao ho masina, ary natokana ho an'Andriamanitra.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Andao isika hijery ny fomba hahazoana ny fahamasinana eo ambanin’ny fanekena taloha. Hoy Andriamanitra: “Ho masina hianareo, satria masina Aho” (Levitikosy 11:44). Ny Levitikosy 11 rehetra dia mitanisa fitsipika sarotra momba ny inona no hohanina, inona no hotafiana, ary ny mahatonga ny olona iray madio na maloto.

Ny takin’Andriamanitra dia ny “manamasina ny tenanareo” (Levitikosy 11:44). Hitanao tamin’ity toko ity anefa fa tena sarotra ny nihazona ny fahamasinana. Nisy andiam-pitsipika tena tafiditra indrindra.

> "Ary izao no haloto aminareo amin'ny biby izay mandady na mikisaka amin ny tany: ny kionkiona , ny totozy, ary ny sitry,...isan-karazany,

ary ny anakà sy ny koaha sy ny letaha sy ny hometa ary ny tana.Ireo io maloto aminareo amin'ny biby rehetra izay mandady na mikisaka; izay rehetra mikasika ny fatin'ireo dia haloto mandrapaharivan'ny andro.” (Levitikosy 11:29–31)

Araka io fitsipika io, ohatra, raha misy totozy maty ka misy maka azy amin'ny rambony, dia haloto mandra-paharivan'ny andro izy. Fa ny Soratra Masina dia manohy manome fitsipika fanampiny momba ny fitoeran-javatra mety hianjeran’ny totozy sy ny akanjo mety hokasihiny, avy eo dia manome toromarika momba ny fomba hiatrehana ny fahalotoana. Asa amin’ny andro feno ny fanarahana ireo fitsipika rehetra ireo.

Nolazain'Andriamanitra fa raha mahavita manaraka an'ireo fitsipika ireo ianao, dia ho masina. Fa raha te hahazo ny fahamasinana ianao amin'ny fihazonana fitsipika maromaro, dia tsy maintsy mihazona ny fitsipika rehetra ianao amin'ny fotoana rehetra. Tsy azonao atao ny maningana ny iray na oviana na oviana. Isaorana anefa Andriamanitra fa nanome fomba tsara kokoa Izy — satria tsy ho vitan’ny olombelona mpanota ny fihazonana ireo fitsipika rehetra ireo.

Misaotra Anao, Tompo, noho ny amin’ny ran’i Jesosy. Manambara aho fa ny drafitr’Andriamanitra dia ny

© 2008 - Dries Du Plessis

hahamasina ahy — tsy amin’ny fitandremana fitsipika maromaro, fa amin’ny alalan’ny ran’i Jesosy, no nanamasinana ahy, no hamasina ahy, natokana ho an’Andriamanitra, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-041-MLG
Nohavaozina farany: 02 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

